



Ny amin'ilay lalàna laharana faha-2017-046 andraiketana ny fisahanana araka ny lalàna ny fanoratan-tany sy fananan-tany izay nambaran'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana (HCC) fa misy andininy maro tsy mifanaraka amin'ny Lalàm-panorenana

Rahoviana no hiverina ho dinihin'ny Solombavam-bahoaka eo amin'ny Antenimieram-pirenena io lalàna io taorian'ny fanovàna tsy maintsy hisy noho ny filazan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana HCC fa tsy mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana ny andininy sivy ambin'ny folo (19) tao anatin'ny ? Tsy fantatra ny valin'io. Niaraha-nahita ny fomba nahalàny tamin'ny fomba tsy nazava sady tampoka ny lalàna mahakasika ny ZES tamin'ny faha-3 Aprily lasa teo ka aleo atomboka androany ny fandefasana tolo-kevitra.

Araky ny **andininy faha 117-n'ny Lalàm-panorenana** dia « tsy azo havoaka hanan-kery ny fepetra ao anatin'ny lalàna izay nambara fa tsy mifanaraka amin'ny Lalàm-panorenana ary tsy azo hampiharina (andalana faha-2 sy faha-5). Raha izany no miseho, ny Filohan'ny Repoblika dia afaka manapaka, na hamoaka hanan-kery ireo fepetra hafa amin'ilay lalàna na ilay hitsivolana, na mandroso ny rijan-teny manontolo amin'ny fanapahana ataon'ny Antenimiera na ny Filan-kevitra ny Ministra indray, araka ny trangan-javatra, na koa tsy hamoaka azy hanan-kery » (andalana faha-2)

Mazava izany fa tsy azo avoaka hanan-kery ary tsy azo ampiharina ireo fepetra 19 izay nambaran'ny Fitsaràna Avo fa tsy mifanaraka amin'ny Lalàm-panorenana. Saro-pady loatra koa ny resaka TANY ho an'ny firenena ary indrindra ho antsika Malagasy ka miangavy ireo rafitra isan'ambaratonga izahay mba handalina sy hamakafaka tsara ary hanaja fatratra ny lalàna velona vao miroso amin'ny fanavaozana sy fandania ity lalàna ity fa tsy sanatria hanao kitoatoa na amboletra.

1/ Momba ny Fitsaran-tany mitety vohitra (Tribunal Terrier Ambulant – TTA) (and. 47 sy 48) : Tsy vahaolana manoloana ny fanakianan'ny HCC ny fanovàna fotsiny ny anaran'ilay rafitra.

- Raha ny “considérants” faha-6 sy 7 napetraky ny HCC no dinihina, dia tokony hanao safidy mazava ny mpanoratra ny lalàna :
Raha tiana ho tazonina ho rafitra manao anjara raharahan'ny Fitsaràna ilay TTA io, araky ny fanambaràna miverimberina nataon'ny HCC, dia tokony asiana fepetra miantoka ny fahaleovan-tenan'ny Fitsaràna amin'ny rafitra mpanatanteraka (Exécutif) ny fomba fiasan'ny TTA, miampy ny tsy fiandania, ny fanajana ny lalàna ary ny fisian'ny ambaratongan-drafitra mazava azo hanoherana ny fanapaha-kevitra noraisin'ny TTA. Tsy nahita ireo fepetra sy famaritana ireo tao amin'ny andininy 47 sy ny manaraka mikasika ny TTA ny HCC ka izay no nanambaràny fa tsy mifanaraka amin'ny Lalàm-panorenana ny TTA.

- Nilaza koa ny HCC tao amin'ny "considérants" 11 ka hatramin'ny 18 fa ny antonantony samihafa voatanisa momba ny TTA dia tsy mifanandrify amin'ny anjara raharahan'ny fahefana mpanatanteraka fa tena anjara raharaha mifanandrify amin'ny rafitra Fitsaràna. Noho izany dia tsy maintsy Mpitsara (Magistrat) no mitantana azy. Ary ny hany afaka ho mpitantsoratra miara-miasa aminy dia olona vita fianianana (greffiers assermentés) avy ao amin'ny sampan-draharahan'ny Fitsaràna, fa tsy ireo mpitan-tsoratra avy ao amin'ny fianakaviamben'ny sampan-draharahan'ny Fananantany, toy ny voasoratra tao amin'ny andalana 48- n'ilay lalàna nokianin'ny HCC.

Noho izany, dia tokony haverina faritina sy soratana avokoa ny anjara raharaha rehetra ho sahanin'ilay TTA sy ny karazan'olona ary fomba fiasany fa tsy mifanaraka amin'ny Lalàm-panorenana ny voasoratra tao amin'ny andininy 47 sy 48-n'ilay lalàna teo aloha. Nambara fa tsy mifanaraka toy izany koa ireo andininy hafa rehetra mikasika ny TTA, dia ny andininy 49, 50, 55, 56, 57, 58, 59, 61, 62, 65, 66 ary 67.

2/ Mbola ireo toetoetra mampiavaka sy mahasamihafa ny rafitra miandraikitra Fitsaràna (Judiciaire) sy ny rafitra Fanatanterahana (Exécutif) ihany koa no fototry ny fanambaran'ny HCC fa tsy mifanaraka amin'ny Lalàm-panorenana ireo fepetra mikasika ny **Fitsarana ny tany manokana** (Tribunal Spécial Terrier), ao amin'ny andininy 82 sy 83.

3/ Ny voalazan'ny HCC mikasika ny **andininy 120** no tiana hamaranana ny resaka androany: nambaran'ny HCC fa manosihosy ny fitovian'ny olompirenena rehetra eo anatrehan'ny lalàna io andininy io. Noho izany, dia tokony ho foanana tsotra izao izy io satria manohitra ny voalaza ao amin'ny andininy faha-6 -ny Lalàm-panorenana.

Anio, 14 aprily 2018.

A propos de la loi n°2017-046 fixant le régime juridique de l'immatriculation et de la propriété foncière titrée

dont plusieurs articles ont été jugés non conformes à la Constitution par la HCC

A quelle date cette loi reviendra-t-elle pour revue à l'Assemblée Nationale, avec des modifications indispensables suite à la qualification par la HCC de non-conformité à la Constitution de 19 articles de ladite loi ? La réponse n'est pas claire. Tous les citoyens savent comment la loi sur la ZES a été votée dans des conditions douteuses et de manière surprenante le 3 avril dernier. Alors, nous préférons commencer à avancer nos propositions aujourd'hui.

En vertu de l'article 117 de la Constitution : « Une disposition jugée inconstitutionnelle ne peut être promulguée. Dans ce cas, le Président peut décider, soit de promulguer les autres dispositions de la loi ..., soit de soumettre l'ensemble du texte à une nouvelle délibération du Parlement ou du Conseil des Ministres selon le cas, soit de ne pas procéder à la promulgation » (al. 2). « Une disposition jugée inconstitutionnelle ne peut être appliquée » (al. 5).

Par conséquent, les 19 articles jugés anticonstitutionnels par la HCC ne peuvent être promulgués, encore moins appliqués. Le Foncier est en outre si sensible pour un pays et notamment pour les Malagasy que nous

demandons à toutes les institutions de bien réfléchir, analyser et respecter rigoureusement la réglementation en vigueur avant de réviser et voter cette loi et d'éviter tout faux-pas et forçing.

1/ Concernant le Tribunal Terrier Ambulant – TTA (art. 47 et 48): Le changement de nom de la structure n'est pas une solution aux critiques formulées par la HCC.

Si on prend en compte les considérants 6 et 7 de la décision de la HCC, les rédacteurs de la loi doivent faire un choix clair :

Si l'on veut garder le TTA comme une structure exerçant une fonction juridictionnelle, selon les constatations de la HCC en examinant les attributions de ce "Tribunal", le fonctionnement de cet organe doit être entouré des garanties d'indépendance (par rapport à l'Exécutif), d'impartialité, de légalité et d'existence de voie de recours en cas de contestation d'une décision du TTA. La HCC n'a pas trouvé ces caractéristiques dans l'article 47 et les autres dispositions relatives au TTA, et l'a donc déclaré non conforme à la Constitution.

La HCC dit aussi que dans les considérants 11 à 18, les divers motifs exposés relatifs aux attributions du TTA ne constituent pas celles conférées à une commission administrative mais sont, substantiellement, celles propres à une juridiction. En vertu de cette nature juridictionnelle, et se référant à l'article 48, la HCC décide que le TTA doit être présidé par un magistrat. Et seuls des greffiers assermentés des services judiciaires peuvent assister le président du TTA, et non pas des greffiers issus du corps des assistants rédacteurs des domaines, comme le prévoit l'article 48 de la loi déferée.

Par conséquent, les attributions, compositions et méthodes de travail du TTA doivent être révisées complètement et rédigées autrement car celles prévues dans les articles 47 et 48 étaient jugées inconstitutionnelles. Il en va de même pour les autres articles relatifs au TTA, en l'occurrence les articles 49, 50, 55, 56, 57, 58, 59, 61, 62, 65, 66 et 67, tous jugés anticonstitutionnels.

2/ Ce sont aussi ces caractéristiques propres qui différencient les structures liées au Judiciaire de celles qui relèvent de l'Exécutif qui constituent le fondement juridique de la décision de la HCC sur la non-conformité des autres dispositions relatives au **Tribunal Spécial Terrier**, les articles 82 et 83.

3/ Nous terminerons nos propos d'aujourd'hui par **l'art. 120** : la HCC a jugé que cet article viole le principe de l'égalité de tous devant la loi. Par conséquent, cet article doit être simplement supprimé de la nouvelle mouture de la loi, étant contraire à l'article 6 de la Constitution.

Ce 14 avril 2018.